## I . NY FIRAFITRY NY FITSARANA

### 1.1 Ny « Chambre administrative »/Conseil d'Etat

Mizara roa ny Mpitsara mandrafitra io Fitsarana io :

- ny mpitsara mpamoaka adidy izay ahitana ny Filohan'ny Fitsarana miampy Mpanolotsaina (Conseillers) sy Mpitsara miza-draharaha (Auditeurs)
- ny Kaomisarian'ny Lalàna (Commisssaire de la loi) izay niova anarana ho Kaomisaria jeneralin'ny lalàna (Commissaire général de la loi) ary Mpitsara miza-draharaha (Auditeurs) maromaro.

### 1.2 Ny Fitsarana misahana ny ady atao amin'ny Fanjakana

Ahitana sokajiny roa ihany koa ny Mpitsara ao :

- ny Mpitsara mpamoaka didy izay ahitana Filoha iray sy Mpanolotsaina (Conseillers) maromaro,
- ny Mpampanoa eo amin'ny ady amin'ny fanjakana (Commissaire administratif) miampy Solompampanoa (Substituts) maromaro.

Samy mpitsara avokoa izy rehetra ireo.

## II. NY ANDRAIKINY

Amin'ny ankapobeny dia ny ady atao amin'ny Fanjakana no iadidian'ireo sampam-pitsarana roa ireo . Mazàna dia ny olon-tsotra no mpitory ary ny fanjakana no toriana . Mety ho samy sampan-draharaham-panjakana koa anefa ny andaniny sy ny ankilany.

> <u>Fanamarihana</u> : Misy ireo sokajin'ady atao amin'ny Fanjakana izay tsarain'ny Fitsarana mitsara ny ady eo amin'n' samy olon-tsotra ( Fitsarana ady madio ohatra) Izany hoe tsy ny ady rehetra ifanaovana amin'ny Fanjakana akory no azo entina eo amin'ireo ambaratongam-pitsarana misahana ny ady ifanaovana amin'ny Fanjakana ireo. Ny lalàna na ny didim-pitsarana (jurisprudence) no mandamina izany fizaran'andraikitra izany .

### 2.1 Ny andraikitry ny filan-kevi-panjakana

Amin'ny ankapobeny dia ny fitsarana ny fifanolanana ataon'olon-tsotra amin'ny sampan-draharaham-panjakana isan-tsokajiny eo anivon'ny Fanjakana foibe (Administration centrale) no sahanin'ny Filankevi-panjakana (Conseil d'Etat) . Voakasik'izany ny fangataham-panafoanana didim-panjakana (décrets), didim-pitondrana (arrêtés) fanapahana (décisions) na fanapahan-kevitra (deliberations), sns. Toy izany ihany koa ny fangatahana fanarenana ara-bola nohon'ny fahavoazana nateraky ny asa sahanin'ny Fanjakana (demande d'Indemnisation) Eny fa na dia ny fangatahana fanazavana rijan-tenin-dalàna aza (recours en interpretation) dia azo entina eo amin'io sampam-pitsarana io ihany koa.

### 2.2 Ny andraikitry ny fitsarana momba ny ady atao amin'ny Fanjakana

Amin'ny ankapobeny ny sokajin-draharaha tsarain'ny Fitsarana momba ny ady atao amin'ny Fanjakana dia mitsinjara toy izao :

- ny ady ifanaovana amin'ny manam-pahefana na ny sampan-draharaham-panjakana eo anivon'ny Vondrombahoaka itsinjaram-pahefana dia ny Faritra sy Ny Kaominina.
- Ny fangatahana fanarenana ara-bolà atao amin'ny Faritra na ny Kaominina

- Ny fifanolanana ateraky ny fifanarahana atao amin'ny manampahefana eo anivon'ny Faritra na ny Kaominina

- Ny famakiana ady mikasika ny fifidianana any amin'ny Faritra sy ny Kaominina

## III - NY AMIN' NY FAMAKIANA ADY SY NY FIZOTRY NY RAHARAHA

Ireto no tsara ho fantatra amin'ny ankapobeny :

- an-taratasy no anaovana ny fitoriana famakiana ady, ary atao dika roa mitovy . Tsy maintsy marihina tsara ao anatiny ny mombamomba ny mpitory sy ny toriana, ny antompanafoanana (izany hoe ny fonjankevitra enti-manohana ny fitoriana - ohatra ny lalàna voahosihosy) ary ny fehin-teny (izany hoe ny zavatra angatahana, toy ny fanafoanana na ny fangatahana fanonerana ara-bola)

- atovana amin'ny fitoriana ny dika mitovin'ny fanapahan-kevi-panjakana izay angataham-panafoanana,

- ny fitoriana apetraka ao amin'ny fitsarana momba ny ady atao amin'ny fanjakana (Tribunal administratif) dia tsy asiana hajia ary tsy andoavam-bola.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**

**Tanindrazana – Fahafahana - Fandrosoana**

---

Ecole Nationale de la Magistrature et des Greffes

FAHAIZANA – FAHAMENDREHANA – FAHAMARINANA

# NY FITSARANA MOMBA NY ADY ATAO AMIN 'NY FANJAKANA

# (TRIBUNAL ADMINISTRATIF)

I. NY FIRAFITRY NY FITSARANA

II. NY ANDRAIKINY

III. NY AMIN' NY FAMAKIANA ADY SY NY FIZOTRY NY RAHARAHA

*Jolay 2008*